Ny mpino iray noho ny hatsaran-toetra anànany dia hahazo voninahitr'ireo mpifady hanina amin'ny atoandro sy mpivavaka amin'ny alina

Tatitra azo avy amin'i Aicha (R.A) niteny : Izaho naheno an'ny Mpaminany (S.A.W) niteny manao hoe : "Ny mpino iray noho ny hatsaran-toetra anànany dia hahazo voninahitr'ireo mpifady hanina amin'ny atoandro sy mpivavaka amin'ny alina".
[Marina miaraka amin'ny porofo hafa] [Notantarain'i Abo Daòd sy Ahmad]

Nanazava ny Mpaminany (S.A.W) fa ny toetra tsara dia mitondra ny tompony amin'ny toeran'ny olona mifady hanina tsy tapaka mandritra ny andro sy mivavaka amin'ny alina, ary ny fitambaran'ny hatsaran-toetra dia : fanaovana ny tsara, fitenenana ny tsara, fitsikitsikina amin'ny tarehy, tsy manao ratsy ny hafa, miaritra izay ratsy ataon'ny olona.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/5799